Ny Valosoa sy hadihady

Rajoelina Andry

Tompon-daka fahatany amin'ny sehatra maromaro

Efa maro izay naha-tompondaka ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry Nirina, izay tsy mbola nisy nananan'ireo Filoha nifandimby teto nandritra ny enimpolo taona niverenan'ny fahaleovantena izay. Tompon-daka maromaro tamin'ny sehatra maromaro tokoa ny tenany. Azo eritreretina fa matoa nahasokatra ny toeram-pialamboly sy fandihizana naha dj azy dia mety ho tompondaka ihany koa izy tamin'ity sehatra ity. Tamin'ny fahatanorany ihany koa, araka ny nambarany tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny vahoakan'i Toliara, dia efa tompondaka indimy teo amin'ny haiady karate izy. Tsy nolazainy kosa anefa hoe tamin'ny tempana inona avy na tamin'ny sokajy inona avy no naha-tompodaka azy. Namoaka didy tsy azo ivalozana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa Rajoelina Andry ny lany ho filohan'ny Repoblika IV andiany faharoa. Niarahaba azy ny mpifaninana taminy nandritra ny fihodinana faharoa. Fotoana fohy taty aoriana anefa dia nanambara ny filoha lefitry ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana tamin'izany, fa nisy « doublon » mihoatry ny iray tapitrisa sy hosoka samihafa nanampy izany. Raha ity tranga ity no jerena dia azo lazaina ho tompondaka amin'ny hosoka sy hala-bato izany ny filohan'ny Repoblika Rajoelina sy ny ekipany, ka tokony homena amboara. Tato anatin'ny efatra taona latsaka kely naha filohan'ny Repoblika azy izay dia efa tompondaka tamin'ny fanabezan'aizana izy, ka ny nampametram-panontaniana dia tamin'ireo zaza naterany ve no tena nanara-penitra ny fanabeazan'aizana sa salan'isan'ny vehivavy nahay nandrindra ny fiterahany rehetra teto Madagasikara, no nahazoany ity amboara ity. Raha itsy voalohany no nahazoany amboara dia rariny sy hitsiny izany, fa raha ny faharoa kosa dia tokony ho ny minisitera izay nanolotra ny amboara no tokony notolorana izany ka izy filohan'ny Repoblika no nanolotra izany ho an'ny minisitra misahana ny Fahasalamam-bahoaka. Azo heverina ihany koa fa raha nahazoam-bokatra araka ny nieritreretany azy ny CVO, izay niandrandrany ny mason'izao tontolo izao nitodika taty Madagasikara, dia ho nahazo amboara tamin'ny maha tompondaka azy eo amin'ny sehatry ny famokarana fanofody biolojika koa Rajoelina Andry. Efa nanangana ny orinasa PharMalagasy izay niheverany ho orinasa hamokatra fanafody ho jifaina manerantany izy, tsy mbola nahitam-bokatra anefa ity orinasa ity hatramin'izao. Namonjy ny fivorian'ny sampan'ny Firenena Mikambana tany Vienne-Autriche ny filohan'ny Repoblika, ka tena nanaitra ny Malagasy tsy vakivolo tokoa ny nanoloran'ny Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana, ONUDI, amboara amin'ny maha tompondaka (champion) azy eo amin'ny fananganana indostria. Rehefa jerena anefa ny zava-bitan'izao fitondrana Rajoelina Andry izao eo amin'ny sehatry ny ozinina fanodinana akora fototra dia diso fanantenana ny maro. Tsiahivina ireo « fanomeza toky » nataony tany amin'ireo faritra notsidihany. Tany amin'ny Faritra Vakinakaratra dia nilaza teo imasom-bahoaka fa hanangana ozinina hanodinana ny vokatry ny tantsaha toy ny legioma sy voankazo izay hatao am-by fotsy dia haondrana any ivelany. Tsy mbola nisy nitsangana izany na iray aza ary ny ozinina « Tiko » nanodina ronono ho « yaourt » sy dobera ary fromazy aza nataon'izao fitondrana izao izay nanakatonana azy. Very asa ny olona amin'arivony ary sarotra ho an'ny tantsaha no mahita mpanjifa ny ronono vokariny. Nankalazaina ny fananganana ny ozinina hanamboatra fiarakodia nomena anarana "Gasy Car". Efa niparitaka tany ivelany tany ny maketin'ny fiara sy "moto" mitondra io anarana io kanefa dia tsy mbola napetraka ny vato fehizoron'izany ozinina izany hatramin'izao. Tonga tany Ambilobe ny vadin'ny filohan'ny Repoblika nametraka ny "vato fototra" ny ozinina hamokatra "ethanol" hitsinjovana ny mety tsy fisian'ny lasantsy. Ny vato fototra no napetraka fa ny ozinina tsy mbola tafatsangana hatramin'izao. Lasa kabary ambony vavahady ihany ny nilazan'ny filohan'ny Repoblika hanangana ozinina goavana hamokarana simenitra hamatsy ny aty amin'ny faritra Ranomasimbe Indiana. Na simenitra iray lasaka aza tsy mbola novokarin'izany ozinina izany, tsy mbola hita eny amin'ny mpivarotra akora fanorenana trano. Ny fanontaniana eo am-bavan'ny Malagasy dia taiza ary oviana no nisy solontenan'ity Sampan-draharahan'ny Firenena Mikambana nahita ozinina maro nitsangana teto Madagasikara ka nanosotra an-dRajoelina Andry ho tompondaka amin'ny fananganana indostria ? Raha fanitsakitsahana ny lalàna velona sy ny tsy fanajana ny teny nomeny eto Madagasikara no resahina dia tompondaka amin'izany ny fitondrana Rajoelina Andry.

Andry Tsiavalona

NY TENY FIAINANA

Fa nahamenatra ahy ny hangataka miaramila sy mpitaingin-tsoavaly amin'ny mpanjaka hiaro anay amin'ny fahavalonay eny an-dalana, satria efa niteny tamin'ny mpanjaka izahay ka nanao hoe: sy tànan'Andriamanitray mahasoa izay rehetra mitady Azy; fa ny heriny sy ny fahatezerany kosa mamely izay rehetra mahafoy Azy.

Ezra 8:22

COM-TIM Ivato

Nanatanteraka didimpoitra maimaimpoana ho ana zaza miisa 50

Nanatanteraka didimpoitra maimaimpoana faobe ho ana zazalahikely miisa 50 ny sabotsy teo ny COM-TIM Ivato. Ireo zazalahikely natao hasoavana ireo dia manerana ny fokontany miisa 13 tao Ivato distrikan'Ambohidratrimo sy ny manodidina. Teo anelanelan'ny 1 taona sy tapany, ka hatramin'ny 10 taona ny salan-taonan'izy ireo. Notolorana kilalao sy malabary ihany koa ireto zaza ireto. Teo akaikin'ny CSB II Ivato no nanatanterahana izao hetsika nokarakarain'ny antoko Tiako i Madagasikara eny Ivato izao, tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny faha-20 taona nijoroan'ny antoko. Nanohana ny COM-TIM Ivato tamin'izany ny depioten'Ambohidratrimo, sady kestora faha-3 ao amin'ny Antenimierampirenena Mamy Rabenirina.

Isambilo

Ireo avy amin'ny COM-TIM Ivato, nikarakara didimpoitra maimaimpoana faobe ny sabotsy teo.

RESAKA FIFIDIANANA

Hanome tolotr'asa mpanisa mpifidy isam-pokontany hono ny CENI

Nanambara ny CENI, na ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana eto amintsika, fa hanome tolotr'asa mpanisa mpifidy isam-pokontany hono izy ireo. Ny asa hataon'izany mpanisa mpifidy izany dia: fitetezana tokantrano hanisa ireo feno 18 taona no ho mihoatra manerana ny Nosy, fanaovana "saisie" ny mombamomba ny mpifidy ao anaty "tablette". Fakana sary ny takelaka fanisana mpifidy. Fandefasana ny antontan-kevitra voarakitra ao anaty "tablette" any amin'ny CID. Ny fepetra takiana ho an'ireo olona ho raisina ho mpanisa mpifidy ireo dia 18 taona no ho mihoatra, manana karapanondrom-pirenena, mahafantatra ny Kaominina hiasany, mahay mamaky teny sy manoratra, tsara soratra. Mahita

tsara. Manam-potoana sy vonona amin'ny asa. Tsy mpikambana amin'ny antoko na fikambanana politika. To-teny amin'ny fiaraha-monina. Tsy manana olana amin'ny fiaraha-monina. Monina ao amin'ny Distrika hanendrena azy. Manana maripahaizana baccalauréat farafahakeliny. Mahafehy ny firaketana an-tsoratra amin'ny alalan'ny solosaina (Bureautique Word, Excel, Internet...). Mahafehy ny fikirakirana « tablette ».

Ny antontan-taratasy ilaina :

- Fangatahana an-tsoratra sora-tanana.
- CV.
- Sary tapaka.
- Dika mitovin'ny karapanondrom-pirenena sy ny diplaoma voamarina.

Ho an'izay liana, afaka manatona ny Biraon'ny Vaomiera misahana ny fifidianana eny anivon'ny distrika (CED), maka ny fanampim-panazavana. Eny ihany koa no anaterana ny antontan-taratasy.

Ho an'ny CENI amin'izao fotoana ity, mahabe resaka izany satria tsy vitsy ireo mpanao politika sy ny fiarahamonim-pirenena, no manambara fa mitanila dieny ety am-piandohana izany rafitra misahana fifidianana izany, ka mbola tokony hodinihana ny momba azy, na hosoloina na hatevenina mba tena tsy homba ny atsy na ny aroa, amin'ny alalan'ny fikaonandoham-pirenena no tokony hanaovana izany. Ka dia ho hitantsika eo ihany ny ho tohiny.

Stefa

TONONKALO

Aiza izay mangarahara ?

Tena zava-tsy iainana eto Madagasikara
Ny fanaovana ho ambony izany hoe "mangarahara",
K`aza gaga raha dia mahina eny foana ny vahoaka
Raha vao reny ny mpitondra sy ny ekipa fa hivoaka.

" Inona no foto-diany no dia marobe ireto izy ,
Nefa anie ny firenena miaina anatin`ny krizy ?"
`Ndeha hitsangantsangana aiza , handanilany vola indray
Kanefa ny ady atrehina eto toa vao mainka mahamay ?

Vatosoa sa volamena no hivoaka hanaraka azy ?
Be no manontany izany raha vao be ireo bagazy.
Hitondra soa ho anay vahoaka sa ho azy irery ihany ?
Mila valiny mazava izany rehetra rehetra izany !

... Saingy tsy iainana eto izany hoe mangarahara,
Fa ireo mba manontany dia voaenjika , voarara.
Moa ho diso ve ny sainy , inona no fahotany,
Sa dia be ny tsy mazava afenina any ambadika any ?

DADAN`i RIANA (13-08-22)

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00